Ny Swalat sy izay eo ambany fahefanareo

Tatitra azo avy tamin'i Anas (R.A) niteny : Ny hafatra ankapoben'ny Mpaminany (S.A.W) rehefa tonga taminy ny fahafatesana dia : “Ny Swalat sy izay eo ambany fahefanareo, mandra-pahatongan'ny Mpaminany niala aina sy sempotra tamin'ny tratrany, ary saika tsy nahavita namoaka izany ny lelany.

[Mari-pototra] [رواه النسائي في السنن الكبرى وابن ماجه]

Ny ankamaroan'ny didin'ny Mpaminany (S.A.W) ho an'ny vahoakany fony izy teo amin'ny fahorian'ny fahafatesana, dia izao : Manolora tena amin'ny fivavahana ianareo ary mifikira amin'izany, ary aza manao tsinontsinona izany, ary tanteraho koa ny zon'ireo ambany fahefanareo amin'ny andevo lahy sy vavy, dia naveriny hatrany mandra-pialàn'ainy teo amin’ny tendany, ary zara raha nanonona izany ny lelany.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/66359